**FICHE DE POSTE**

**MPAMILY-MPITATITRA**

| | |
|---|---|
| **TOMPON4NY TOERANA** | MAURICHIDI BIN Assan |
| **DATY** | 23 Avril 2012 |

| **I- LALANA MIFEHY** |
|---|
| Toerana : Faritra SAVA-DIANA- SOFIA<br>Lehibe mifehy : tompon'andraikitry ny fitaterana- Solon-tenam-paritra |

| **II- ANDRAIKITRA SY ANJARA ASA** |
|---|

**Ny Andraikitra:**

- Miantoka ny fitaterana-tsolika avy amin'ny toby fitihirizana iray mankany amin'ny toby iray.
- Manara-maso tsara ny famenoana sy fampidinana ny solika ary manaja ny toromarika manankery omen'ny "Logistique Pétrollière"
- Manatanteraka ny fanateran-tsolika eny anivin'ny tobin-dasantsy sy ny mpanjifa,
- Miantoka ny fiambenana sy ny fiarovana ny fiara mandram-panatanterahana ny fampidinantsolika,
- Manambara ireo tsy fahatompmbanana rehetra hita amin'ny fiara amin'ny tompon'andraikitry ny fikojakojana.

**Ny Anjara asa**:

- Ny mpamily mpitatitra dia manaja sy mampihatra ifotony ny torolalàna famenoana sy fampidinana ny solika izay voafaritra ao anaty boky torolalàn'ny mpamily mpitatitra solika.
- Ny mpamily-mpitatitra dia tompon'andraikitra amin'ny fikajiana ny fisy:
  - Ny "Check list" alohan'ny fiaingàn'ny fiara,
  - Fizahana ny kodiarana
  - Ny "feuille de route" na tari-dalàna
  - Ny tatitra hita amin'ny làlana,
  - Fanambaràna ny tsy fahatomombanana hita,
- Ny mpamily mpitatitra dia tokony gampahafantatra ny Virao mpitantana sy ny tompon'andraikitry ny fitaterana izay olana ara-mekanika na zavatra hafa misy,
- Ny mpamily mpitatitra dia miantoka ny fanaraha-maso amin'ny fikojakojàna sy fanamboarana,
- Ny mpamily mpitatitra dia mizaha ny toetry ny fiara, ny fitaovana nampiandraiketina azy ary ny antontan-taratasy rehetra entiny eo am-pivoahana sy eo am-pidirany ny garazy,
- Ny mpamily mpitatitra dia miantoka ny fitandroana ny solika entiny mandra-pahatongany eny amin'ny toby fitehitizana, eny amin'ny toby famatsiana na eny amin'ireo mpanjifa,
- Ny mpamily mpitatitra dia miantoka ny fikojakojàna madinika sy ny fahadiaovan'ny fiara,
- Ny mpamily mpitatitra dia mampandre ny birao mpitantana sy ny tompon'andraikitry ny fitaterana ary soon-tenam-paritra raha misy loza na zava-manjo,
- Aorian'ny fitaterana iray, nyh mpamily mpitatitra dia tokony hanatitra ireo antontan-taratasy (OT, BR, BL) amin'ireo tompon'andraikitrè ny fitaterana ary manatrika ny fizahàna ny "OBC"
- Ny mpamily mpitatitra dia toliny hanaja ny toromarika fitandremana amin'ny fitaterana akora mety hampidi-doza ("Plan de trajet" na torolalana, "EPI" na fitaovana manokana ho fiarovana),

- Ny mpamily mpitatitra dia tokony hanatrika fivoriana "Tools-box" rehetra isan-kerinandro

## III- MARI-PAHAIZANA ILAINA SY FEPETRA HITSARANA

**Mari-pahaizana ilaina**:

- Manana fahazoan-dàlana hitondra fiara, karazany B-C-D-E
- Fari-pahaizana: kilasy faha 3
- Mahazo teny frantsay,
- Nanaraka fiofanana "PATH"
- Salama vatana sy saina ary afaka hitondra fiara "camion" na "semi-remorque"
- Matotra, marina ary mitandrina

**Fepetra hitsaràna**

- Ny fanajana ny toromarika fitandremana,
- Ny toetra sy kojakojan'ny fiara
- Ny fanajana ny torolalana,
- Ny fanajana ny "code de la route", ny hafainganam-pandeha, ny « ceinture de sécurité »,
- Ny fanajana ny mpanjifa : fahalalam-pomba sy fanoloran-tena

## IV- FITAKIAN'NY "HSE" (Fahadiovana, fitandremana ary Totolo manodidina

- Fahafantarana ny akora mety hampidi-doza,
- Ny familiana fisorohana,
- Ny vojy aina,
- Ny fitsinjarana sy ny fampiasana ny "extincteur" (famonoana afo)

Tsara ho fantatra: Ity "Fiche de poste" ity dia mety hiova, ary ny fiovana dia horaiketina an-tsoratra.

Sonian'ny mpamily-mpitatitra

Daty 23 Avril 2012